Hamptons Farmhouse
Park Road, Hadlow,
Tonbridge, TN11 9SR, United Kingdom
www.sanitap.org

# Fakàna ny Hevitry ny Mpiara-miombon'antoka ho an'ny Hetsika Tetikasa An-tsitrapo (VPA)

## Fanomezana Rano Fisotro Madio

### Fikambanana Nanomboka & Mpifarimbona

SaniTap dia orinasa mitondra fiantraika miorina any UK. Ny irany dia ny hahazoana antoka fa ny olona rehetra dia mahazo rano madio na inona na inona toetr'andro sy fanadiovana ary angovo fandrahoana sakafo maharitra manoloana ny fiovan'ny toetr'andro. Ny iraky ny fikambanana dia ny hampihatra modely ara-barotra azo aparitaka izay manome tolotra WASH azo ianteherana sy takatry ny fahefa-mividy ary fisitrahana tolotrana angovo madio fandrahoana sakafo mora ampiasaina sy maoderina ho an'ny mponina eny ambanivohitra sy an-tanàn-dehibe, amin'ny alàlan'ny fanavaozana ny teknolojia, ny rafitra famatsiam-bola vaovao ary fiaraha-miasa fanatanterahana hatrany amin'ny kilaometatra farany (PPP). Tafiditra ao anatin'izany ny fampiasana ny tsenan'ny karbaona.

### Toetry ny Fandaharan'asa

Eto Madagasikara, ny SaniTap dia manoso-kevitra ny hananganana Hetsika Tetikasa An-tsitrapo (VPA) maromaro ao anatin'ny 'Fandaharan'asan'ny Hetsika' (PoA) mitondra ny lohateny hoe 'Rano Madio Fandrahoana Madio Madagasikara'. Ny Hetsika Tetikasa An-tsitrapo dia hampiasa ny fomba fiasa 'Fampihenana ny Entona Manimba avy amin'ny Rano Fisotro Azo Antoka' izay an'ny Gold Standard for the Global Goals (fenitra volamena ho an'ny tanjona maneran-tany). Ireo tetik'asa ireo dia hampihena ny tsindry amin'ny tontolo iainana sy hampihena ny entona mangeja hafanana, ary etsy andaniny dia hamorona tombontsoa ara-pahasalamana, amin'ny fahazoana aina ary ara-toekarena ho an'ny mpampiasa farany. Ny VPA tanterahana ao anatin'ity PoA ity dia antenaina hatomboka manomboka amin'ny fiandohan'ny taona 2024 ary mety haharitra mandritra ny fe-potoana fampindramam-bola 5 taona in-telo (izany hoe 15 taona ny fitambarany). SaniTap dia mikasa ny hanoratra ny anarana ireo VPA amin'ny alalan'ny fiantomorana 'Manome Lanja ny Miralenta'.

### Fanoritsoritana ny Tetikasa

**Ny VPA natolotra dia hanatanteraka ny fanamboarana ireo fotodrafitrasana rano fisotro madio, ary ny fampandehanana sy fikojakojana izany fotodrafitrasa izany mandritra ny 10-15 taona.**

Eto Madagasikara dia 9%-n'ny mponina any ambanivohitra ihany no misitraka rano nohatsaraina. Vokatr'izany, ny ankamaroan'ny fianakaviana dia mampiasa rano tsy azo antoka avy amin'ny renirano. Miteraka aretina azo avy amin'ny rano izany, indrindra ny aretim-pivalanana, izay mitarika amin'ny tsifanjariantsakafo sy ny tsifanjariantsakafo mitarazoka – ka mampitombo ny vokatry ny hain-tany sy ny fahantrana.



*Paompin-drano nilaozana, simba. Hanamboatra fotodrafitrasa toy izao ny tetikasa ary hikojakoja azy ireny mandritra ny taona maro – ny sarany aloan'ny mpampiasa rano sy ny vola miditra avy amin'ny varotra karbaonina no hoenti-manana amin'izany.*

Raha kely indrindra dia 10.000 ny lavaka fantsakana na lavadrano misy paompy tanana eto Madagasikara. Indrisy anefa, ny fanadihadian'ny eny an-kianja dia mampiseho fa farafahakeliny, 40% no tsy mandeha

tanteraka ary ampahany lehibe hafa no tena simba ary mitaky fikojakojana vao azo raisina ho toy ny manome ‘rano fisotro madio azo antoka’.

Ny ankamaroan'ny paompin-tanana toy izany dia naorina Fikambanana tsy miankina amin’ny fanjakana (ONG) na fikambanana momba ny fampandrosoana hafa taloha, saingy rava noho ny tsy fahampian'ny fahaiza-manao ara-teknika amin'ny fanamboarana, ny tsy fahampian'ny fahaiza-manaon'ny fandaminana na ny tsy fananana piesy hanoloana ny simba, ny fahantrana na ny fisian’ny toetr'andro mahery vaika toy ny rivodoza sy ny haintany.

Ny tetikasa dia mikendry ny hanamboatra ireo paompin-drano any ambanivohitra tsy mandeha ireo; ary mikojakoka azy ireo mandritra ny faharetan'ny VPA.

Noho ny tsy fisian’ny fomba fikarakarana rano hafa mora vidy dia tokony hampangotrahina ny rano maloto, kanefa mitaky fananana kitay sy/na saribao ny fanaovana izany. Mamoaka CO2 izany ary manampy amin'ny fandripahana ala - zavatra azo sorohina raha mahazo rano fisotro madio ny olona. Amin'ny alalan’ny fampiasana ny fomba fiasan’ny Fenitra Volamena ho an’ny Fampihenana ny Entona Manimba avy amin'ny Rano Azo Antoka, ny tetikasa dia hamokatra crédit karbaonina fanahy iniana. Ny fivarotana ireo dia hanome fidiram-bola maharitra, izay, raha ampiarahina amin'ny saram-pampiasan-drano aloan’ny mpampiasa rano, dia hahavita handoa ny fanamboarana ny paompy simba ary miantoka ny fisian’ny fikojakojana mitohy.



*Paompin-drano fisotro azo antoka madio sy voakojakoja tsara. Hanarina ireo fotodrafitrasa simba mba hiverenany amin’ny fenitra ofisialy ny tetikasa.*

Ny fanamboarana sy fikojakojana ny lavadrano dia miteraka fiantraikany tsara. Ao anatin’izany ny fahazoana rano fisotro azo antoka, ary tsy izay ihany, fa ahafahana manatsara ny fitovian'ny lahy sy ny vavy ihany koa izany ; mampihena ny fotoana lany antsakana ary ny halavirana mankany rano azo antoka ; manatsara ny fahasalamana amin'ny alàlan'ny fihenan’ny aretina na ny fahafatesana vokatry ny aretina azo avy amin'ny rano ; ary manana tahiry ara-toekarena.

## Sehatra Iasana

Ny PoA izay isintonana ny fanatanterahana ity VPA ity dia mandrakotra ny faritanin’i Madagasikara manontolo.

Ny fakàna ny hevitry ny mpiara-miombon’antoka dia mifandraika amin’ny tetikasa “Real VPA” (VPA Tena Izy) voalohany izay hatao any amin’ny faritra Anosy. Ny hetsika voalohany dia nokasaina hatao amin’ny taona 2024.

Ny ‘VPA Mahazatra’ fanampiny tontosaina ao anatin’ilay PoA, izay ampiasana ny fomba sy ny teknolojia mitovy, dia mikasa ny hiasa amin’ny ankamaroan’ny morontsiraka atsinanan’i Madagasikara alohan’ny hidirana any amin’ny faritra hafa eto amin’ny firenena.

## Fanampiana amin’ny Fanatrarana ny Tanjon’ny Fampandrosoana Lovainjafy (ODD)

Ny VPA dia hanampy amin’ny fanatrarana ireto Tanjon’ny Fampandrosoana Lovainjafy (ODD) manaraka ireto farafahakeliny:

SDG 6. Rano Fisotro Madio & Fanadiovana
SDG 7. Fitovian’ny Lahy sy ny Vavy
SDG 13. Fakàna fepetra amin’ny Fiovaovan’ny Toetr’andro

## Anton’ny Fakàna Hevitra amin’ny Mpiara-miombon’antoka

Ny tanjon'ny dingan'ny fifampiresahana sy ny fakan-kevitra dia ny hampahafantatra sy ny hampandraisana anjara ireo mpiara-miombon’antoka voakasika sy liana, na olon-tsotra na fikambanana, ary hahafantarana ny fomba fijeriny sy hamahana izay mety ho ahiahiny. Tokony hampihena ny mety hisian'ny vokatra hafa tsy niriana ao amin'ny Tetikasa natolotra, no sady manome antoka fa ny fandaharan’asan’ny mpiara-miombon’antoka dia mamaritra ny tondro manan-danja indrindra amin'ny fahombiazana ara-tsosialy, ara-toekarena ary ara-tontolo iainana. Ny fampiasana an'io dingana fampandraisana anjara ny rehetra io dia mampihena mety ho fanaovana ambanin-javatra ny fiantraika lehibe (ratsy na tsara), ary miantoka fa ny ahiahin'ny ankolafy rehetra dia voadinika tanteraka mandritra ny dingana famolavolana fandaharana. Ity dingana fampandraisana anjara ity dia ampahany amin'ny dingana FPIC (An-kalalahana, Nampahafantarina, Fanekena mialoha) ho an’ny tetikasa.

## Ireo Dingana Miandry

1. **Miangavy anao hamaly ny fanasana mba hanamarina raha hanatrika ianao na tsia.**
2. Handefasa fitambarana fampahalalana ho anao izahay 7 andro mialoha ny fivoriana Fakàna ny Hevitry ny Mpiara-miombon’antoka farafahakeliny, miaraka amin’ny fampahalalana fanampiny momba ny Tetikasa ao anatin'izany :
    a. Ny famintinana tsy ara-teknika momba ny endriky ny  tetikasa, ny teknolojia, ny tanjona, ny faratakany, ny faharetany ary ny drafitra fampiharana (efa antenaina) ary ny mety ho fiantraikan'izany amin'ireo vondrona mpiara-miombon’antoka isan-karazany.
    b. Ny famintinana ny fiantraikan'ny tetikasa ara-toekarena, ara-tsosialy ary ara-tontolo iainana miaraka amin'izay mety ho fantatra fa tsara, ary fiarovana amin'ny fiantraika ratsy ateraky ny Tetikasa.
    c. Famintinana ny mety ho fandraisan’ny tetikasa anjara amin’ny fanatrarana ny Tanjon’ny Fampandrosoana Lovainjafy (ODD) sy
    d. Ny fampahalalana hafa mifandraika amin'izany mba ahafahana mahazo ny endrika, ny fanatanterahana ary ny fandehan’ny tetikasa..
    e. Ny fandaharam-potoan’ny fivoriana
    f. Laharam-pifandraisana amin’ny solontenan’ny SaniTaps mba hahazoana fampahalalana fanampiny
    g. Fomba sy fomba fiasa hanehoana hevitra mandritra ny dingan'ny fakan-kevitra miaraka amin'ny mpiara-miombon’antoka ary mitohy mandritra ny faharetan'ny Tetikasa.
3. Hotanterahina ny Fivoriana Fakana ny Hevitry ny Mpiara-miombon’antoka - izay fotoana hahafahan’ny Mpiara-miombon’antoka mametraka fanontaniana momba ny Tetikasa sy manome hevitra momba ny Tetikasa.
4. Ny hevitra voaray nandritra ny 'fihodinana voalohany' avy amin'ny fivoriana sy izay fanehoan-kevitra omen'ny olona na fikambanana hafa tsy afaka manatrika ny fivoriana dia haravina ary ny SaniTap dia hamaly izany fanehoan-kevitra izany, ary hanaparitaka ny valin-teniny.
5. Avy eo, ireo Mpiara-miombon’antoka dia hanana fahafahana haneho hevitra ‘fihodinana faharoa’ mandritra ny 30 andro manaraka - izany hoe fanehoan-kevitra momba ny valin-teny nomen’ny SaniTap ireo fanehoan-kevitra tamin’ny fihodinana voalohany.

6. Aorian'io fotoana io, handefa ny Tatitry ny Fakàna ny Hevitry ny Mpiara-miombon'antoka mankany amin'ny Gold Standard ny SaniTap ary havoaka ao amin'ny Rejistr'i Gold Standard izany.
7. Ireo Mpiara-miombon'antoka rehetra dia afaka manome valiny fanampiny amin'ny fotoana rehetra mandritra ny faharetan'ny Tetikasa manontolo, amin'ny alàlan'ny fanarahana ny dingan'ny fanehoan-kevitra sy ny fitarainana izay hatsangana mandritra ny fivoriana Fakàna ny Hevitry ny Mpiara-miombon'antoka.